

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

LOI n° 2000 024

**du 09 novembre 2000 portant Loi de Finances
pour 2001**

LOI n° 2000 - 024

POR TANT LOI DE FINANCES POUR 2001

EXPOSE DES MOTIFS

ANNEXE A LA LOI DE FINANCES 2001

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

**LOI n° 2000 - 024
PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2001**

EXPOSE DES MOTIFS

Madagascar continue sa voie vers une croissance rapide et durable. Renforçant la tendance observée depuis 1997, le taux de croissance économique en 2000 est encore supérieur au taux de croissance démographique. Les résultats encourageants obtenus ces dernières années doivent être consolidés et améliorés car ils sont encore insuffisants pour nous permettre de traiter d'une façon plus efficace la situation des couches les plus démunies de la population.

Pour les prochaines années, Madagascar entend renforcer son programme de lutte contre la pauvreté. Un Document de stratégie pour la Réduction de la Pauvreté (DSRP) est préparé à cet effet, à travers un processus participatif regroupant les différents acteurs du développement . La participation effective de la population, en particulier la plus démunie, est recherchée. La conception et la définition des procédures de lutte contre la pauvreté, pour être efficaces, doivent refléter les soucis et les points de vue du plus grand nombre. Pour sa part, le Gouvernement renforcera sa politique de gestion macro-économique prudente ainsi que ses politiques sectorielles et structurelles appropriées.

La présente Loi de Finances 2001 confirme cette ferme volonté de tout mettre en œuvre pour une lutte efficace contre la pauvreté.

Tel est, l'objet de la présente Loi.

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY
MOMBA NY LALANA MIFEHY
NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 2001**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana
ANTENIMIERAM-PIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA 2000 - 024

**momba ny Lalàna mifehy
ny fitantanam-bolam-panjakana
amin'ny taona 2001**

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Mitohy hatrany ny fahafainganana sy ny faharetan'ny fitomboan'ny harin-karena eto Madagasikara. Mbola nihoatra ny fitombon'ny mponina ny fitomboan'ny harin-karena tamin'ity taona 2000 ity, ho mariky ny fanamafisana ny zavatra efa nitranga niantomboka tamin'ny taona 1997. Atao izay hanatsaràna ireo vokatra mahavelombolo efa azo hatramin'izay taona vitsivitsy izay, satria tsy mbola ampy ahafahana mamaha, amin'ny fomba mahomby, ny olàna eo amin'ny fiaianan'ireo sokajin'olona tena sahirana.

Ato anatin'ny taona vitsivitsy ho avy dia hanamafy ireo fandaharan'asa ho enti-miady amin'ny fahantrana i Madagasikara. Efa voaomana ankehitriny ny antontan-kevitra iray mirakitra ny paik'ady hampihenàna ny fahantrana, izay misy fandraisan'anjara avy amin'ireo manana andraikitra samihafa amin'ny fampandrosoana. Ny fandraisan'ny mponina anjara feno, indrindra fa ireo tena sahirana, no tanjona. Tokony hahitana taratra ny olàna mipetraka sy ny fijerin'ny be sy ny maro ny famololovana sy ny famaritana ny sori-dàlana amin'ny ady amin'ny fahantrana, mba hisian'ny fahombiazana. Ny Governemanta, araka izay tandrify azy, dia hanamafy ireo politikam-pitantanana malina eo amin'ny fihariana ankapobeny sy ireo politika isan-tsehatra sy ara-drafitra mifandraika amin'izany.

Ity Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2001 ity dia mitory ny finiavana tanteraka hametraka ny tetika mahomby amin'ny ady amin'ny fahantrana.

Toy izany sy toy izany, ny antonanton'ity Lalàna ity.

LOI n° 2000-024

POR TANT LOI DE FINANCES POUR 2001

-27-

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana
ASSEMBLEE NATIONALE

LOI n° 2000 - 024

PORANT LOI DE FINANCES POUR 2001

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 17 décembre 2000, la Loi dont la teneur suit :

I - DISPOSITIONS FISCALES

Sous réserve des dispositions de la présente Loi, la perception au profit du budget de l'Etat et ceux des Collectivités Territoriales, des contributions, droits et taxes fiscaux et douaniers, ainsi que des produits de revenus publics sera opérée en l'an 2001 conformément aux textes législatifs et réglementaires en vigueur.

ARTICLE PREMIER

Les dispositions du Code Général des Impôts sont complétées et modifiées comme suit :

**TITRE I
IMPOTS SUR LES BENEFICES DES SOCIETES (IBS)**

**CHAPITRE III
SECTION I
DETERMINATION DU BENEFICE IMPOSABLE**

Article 01.01.06.-

Après le 2° alinéa du paragraphe 2 de cet article créer un alinéa rédigé comme suit :

« En ce qui concerne les immeubles donnés en location, l'annuité d'amortissement déductible ne doit pas excéder 15 pour 100 des loyers bruts perçus annuellement sur lesdits immeubles.

Cette disposition n'est toutefois pas applicable aux immeubles mis en location et appartenant aux sociétés immobilières ».

Avant le dernier alinéa du a) de cet article créer un alinéa rédigé comme suit :

« Les biens énumérés ci-dessus donnés en location suivant un contrat de crédit - bail peuvent bénéficier de l'amortissement dégressif ».

A la fin de cet article créer un 9° rédigé comme suit :

« 9° les charges inhérentes aux fonctionnement et entretien des installations sportives, artistiques ou culturelles créées et réalisées dans le cadre d'une Convention passée avec le Ministère chargé de la Réglementation Fiscale et le Ministère des Finances. »

ARTICLE 25

En vue de la réalisation des divers projets de développement, le Gouvernement est autorisé à emprunter auprès des divers sources de financement intérieur et extérieur à concurrence de **1.500.000.000.000. FMG.**

ARTICLE 26

Est approuvé le Programme d'Investissement Public 2000 - 2002 (Tranche 2001) annexé à la présente Loi.

ARTICLE 27

La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 17 décembre 2000

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE SECRETAIRE,

ANDRIANARISOA *Ange* C. F.

**LALANA LAHARANA FAHA 2000 - 024
MOMBA NY LALANA MIFEHY
NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 2001**

-66-
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ANTENIMIERAM-PIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA 2000 - 024
Momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana
amin'ny taona 2001

Nolian'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana natao ny faha - 17 desambra 2000 izao Lalàna manaraka izao :

I - FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ity Lalàna ity fa ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy ny fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2001, dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery.

ANDININY VOALOHANY

Ampiana sy ovàna toy izao ny fehezan-dalàna ankabopen'ny hetra.

LOHATENY VOALOHANY
HETRA AMIN'NY TOMBON-BAROTRY NY SOSAIETY
TOKO FAHATELO
SOKAJY VOALOHANY
FAMERANA NY TOMBONY HAKANA HETRA

Andininy 01.01.06 :

Aorian'ny andalana faharoa amin'ny 2° amin'io andininy io dia foronina ny andalana toy izao :

« Mikasika ireo trano ampanofana, ny ampahany isan-taonan'ny fanavotam-bidy azo esorina dia tsy tokony hihoaatra ny 15 isan-jaton'ny hofan-trano tsy afa-karatsaka raisina isantaona avy amin'ireo trano ireo.

Io fepetra io anefa dia tsy azo ampiharina amin'ireo tranon'ireo Sosaiety misahana fananana mifaka ka ampanofainy ».

Mialoha ny andalana farany amin'ny a) amin'io andininy io dia foronina ny andalana iray toy izao :

« Ireo fananana ampanofaina voatanisa etsy ambony araka ny fifanarahana amin'ny fitrosana vola amin'ny fampanofàna dia mety hahazo fanavotam-bidy mihena an-dalàna » .

Amin'ny faran'io andininy io dia foronina ny 9° midika toy izao :

« 9° Ny vola lany mikasika ny fampandehanana sy fikojakojana ireo toeram-panatanjahantena, artistika na ara-kolotsaina noforonina sy notanterahina ka tafiditra ao anatin'ny fifanarahana nifanaovana tamin'hy Minisitera misahana ny hetra sy ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola ».

ANDININY FAHA -25

Mba ho fanatontosana ireo vinavinan'asa ho fampandrosoana dia homen-dàlana ny Governemanta hisambom-bola eo amin'ny loharanom-pamatsiana eto an-toerana sy avy any ivelany hatramin'ny **1.500.000.000.000 Iraimbilanja**.

ANDININY FAHA -26

Ankatoavina ny fandaharan 'Asam - pamokaram - Panjakana mandritra ny fe-potoana
2000-2002 (ampahany 2001) atovana amin 'ity Lalàna ity.

ANDININY FAHA - 27

Avoaka amin'ny gazetin'ny Repoblikan'i Madagasikara izao Lalàna izao.

Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-17 desambra
2000

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,

NY SEKRETERA,

ANDRIANARISOA *Ange C. F.*